FFKM 40 TAONA

Mila mandray andraikitra ho fampiharana ny 4F amin'ny tsy mety eto

Ny taona 1980 no nitsangana ny FFKM (Fiombonan'ny Fian-gonana Kristiana eto Madagasikara) ivondronan'ireo fiangonana tranainy nantsoina hoe fiangonana zokiny efatra dia ny Eklesia Episkopaly Malagasy(EEM)na Fiangonana Anglikana, ny Eglizy Katolika Apostolika Romana(EKAR), ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara (FJKM), ny Fiangonana Loterana Malagasy (FLM), ireo no fiangonana mahaenika an'i Madagasikara.

Fandresena lehibe ho an' ny vahoaka malagasy ny fisian'ny FFKM, satria mendri-piderana ny fihetsik'ireo mpitondra fiangonana, izay samy mijoro manandratra sy miaro ny finoany , kanefa dia manaiky mifampitantana , satria samy mahatsapa fa itovizana ny fivavahana amin'ilay Telo izay Iray dia ny Ray sy Zanaka ary Fanahy masina, kanefa koa azo atao tsara ny miaramidera ao anatin'ny fanajana ny fahasamihafana, ka tsy ny fiaraha-mivavaka ihany no nahazo sehatra, fa nisy hatramin'ny fandinihana miaraka izay mahasoa ny firenena .

Maro ny dingana nandraisan'ny FFKM anjara tamin'ny fandaminana ny firenena toy ny tamin'ny 1991, 2002, ary ny 2009, izay indrisy fa niafara tamin'ny fisian'ny herisetra nihàtra tamin'ny Ray amandrenimpiangonana iray, tetsy amin'ny Episcopat Antanimena ny 17 Martsa 2009 , nahamenatra satria dia mpanao gazety vehivavy no namporisika ireo miaramila nanao ny herisetra, ka ny tena loza dia manana andraikitra ambony eo amin' ny fitantanana ny firenena io mpanao gazety io ankehitriny, lasa ministra.

Taorian'io herisetra io dia samy mahalala isika fa nahazo fahefana ireo mpanao barofo ary voatery nangina nandritran'ny fotoana lavalava ny FFKM, niditra an-tsehatra nandamina ny raharaha ny fiankaviambe iraisampirenena, kanefa tsy nitsahatra nihaona mangina ireo ray amandrenimpiangonana ka ny taona 2010, nahafeno telopolo taona ny fijoroan'ny FFKM dia nifanaiky ireo mpitarika avy amin'ny efa-tonta, fa hijoro indray ary tsy hihemotra intsony, ka nandray ho filamatra ny 4F(Fahamarinana, Fihavanana, Fiainken-keloka, Fibebahana), nisy ireo dingana vita, maro koa ny tsy mbola tontosa, fa ny maika dia ny zava-mitranga eto amin'ny firenena izay ilana ny fandraisan'andraikitrin'ny FFKM .

Tahaka ny ahoana moa ny endriky ny fandraisan' anjara andrasana amin'ny FFKM ? tsotra ny valiny dia ny fampiharana amin' ny antsakany sy andavany ireo 4F, satria hita mibaribary fa tsy mandeha amin'ny laoniny ny fitantanana ny raharahampirenena, ataon'ny fitondrana Rajoelina ankehitriny.

Ny Fahamarinana

Vao tamin'ny fifidianana filohampirenena, nitohy tamin'ny fifidianana solombavambahoaka sy ben' ny tanàna dia efa nibaribary ny tsy fahamarinana, nahazo fitondrana i Andry Rajoelina vao mainka nahazo laka ny tsy fahamarinana , ary nanomboka tamin'ny fotoana nisian'ny koronaviriosy, ka hatramin'izao dia tsy nisy ny mangarahara teo amin'ny fitantanana ny fanampiana sy ny fifehezana ny aretina.

Ny Fihavanana

Fototry ny fahendrena malagasy ny fihavanana, anisan'izany ny fifampitsimbinana eo amin'ny samy Malagasy, tsy takona afenina ny antsojay mihàtra amin'ny orinasa AAA, ny zava-misy any amin'ireo firenena maro dia omena fankasitrahana ireo tompon'orinasa tsy nampitsahatra ny mpiasa ao aminy, ny eto amintsika anefa dia akatona ny orinasan'izay heverina fa tsy mitovy hevitra ,ny marimarina kokoa ny fankahalana ny Filoha Ravalomanana no mibahana ao antsain'ny mpitondra, santionany ihany io fa mbola maro ireo tranga isehoan' ny tsy fahamarinana.

Ny Fiainken-keloka

Miharihary toy ny tafika andrefan-tanàna ny ratsy vitan'ireo mpanongampanjakana tamin'ny tetezamita, teo amin'ny fandrobana sy fandorana fananan'olona nanomboka tamin'ny 2009, ary mbola mitohy amin'izao fotoana izao, tsy miaiky ny hadisoana anefa izy ireo, satria nahazo fitondrana indray tamin'ny alalan'ny fifidianana feno hosoka dia mihevi-tena ho toy ny olomarina, ka ny tena manahirana dia ireo niharam-pahavoazana na matitsimanonta indray no lasa mihafihafy f'ireo nahavanondoza tsimatimanonta no lasa tompon'ny fahamarinana sady miezaka mafy manototra ny ratsy vitany.

Ny Fibebahana

Nandritra ny fotoana nampahery vaika ny koronaviriosy dia nikatona ny fiangonana ary ankehitriny aza zara fa misokatra, kanefa na nisy fihibohana na tsia dia efa mazava anie fa ny Filohan'ny Fitsarana Avo Momba ny Lalampanorenana (HCC) no efa nanamafy fa tsy mila baiboly ny fametrahana an-dRajoelina amin' ny toerana, voiziny mafy ny mahalaika ny fanjakana hanilihana ny fivavahana.

Efapolo taona ny FFKM, fantatra fa nandalo fotoana mangidy ny fiangonana satria , nodimandry ny Filohan'ny FLM, Filohan'ny FFKM amperin' asa, na izany aza misy ny filoha lefitra ny FLM ary efa nandray ny asany avy hatrany, noho izany antenaina fa hijoro ireo ray amandrenimpiangonana, handray ny andraikiny satria ny zava-mitranga iainan'ny vahoaka dia tsy "loza manambana "intsony f'efa "loza mihàtra", diso manjaka loatra ny fanamparampahefana , ny fanosihosena ny lalàna velona , ary toy ny tany tsy misy Andriamanitra eto amin'ny firenena.

Ny fandraisan'andraikitry ny FFKM no vahaolana ialan'ny vahoaka amin' izao tsindry mahazo azy izao amin'ny alalan'ny fampiharana amin'ny antsakany sy andavany ny 4F , azo antoka fa tsy ho sarotra amin'ireo mpitarika ao amin'ny FFKM izany, satria sady asa amin' ny maha-mpitondra fivavahana azy ireo no antom-pisian'ny FFKM ihany koa.

Ny tsangambato velona sahaza ny fahefapolo taonan'ity fikambanana goavana ity dia ny fijoroany hametraka ny filamatra, fa raha tsy hiroso amin'izany izy ireo dia azo sokajiana ho mpiray tsikombakomba, ahiahy ihany izany fa tsy inoana ho tonga amin' izany sanatria .

Ny Valosoa

Filankevi-panjakana

Mahamenatra ny fanapahan-kevitra noraisiny hoy ny KMF/CNOE

Nisongadina nandritry ny valan-dresaka nataon'ny fiarahamonim-pirenena Kmf/Cnoe: Komity Mpanara-maso ny fifidianana, fa mahamenatra ny fanapahan-kevitry ny filankevi-panjakana momba ny fanafoanana ny fanaikana ny mpifidy handatsa-bato amin'ny fifidianana loholona, kasain'ny fanjakana ho tanterahina eto Madagasikara amin'ny 11 desambra 2020 ho avy izao. Sady tsy manara-dalàna mantsy, no tafiditra anaty fotoam-pahavaratra raha ny nambaran'ny filohan'ity fiarahamonim-pirenena ity. Nambaran'andriamatoa Andoniaina Andriamalazaray, fa tokony ho ravana sy foanana ny fanapahan-kevitra noraisin'ny fitondram-panjakana satria tsy ara-dalàna ny fanatanterahana io fifidianana io, nilaza fa tsy mahefa ny fitsarana hoy ny filohan'ny Kmf/Cnoe , ka iza indray izany sisa no mahefa amin'ny fitsarana eto Madagasikara. Amin' ny anaran'ny malagasy rehetra anefa no nandraisana fanapahan-kevitra raha ny fanazavana ihany. Ankoatr'izay, dia mbola tsy voafidy ihany koa ireo ben'ny tanàna sy mpanolo-tsaina amina kaominina sasany eto Madagasikara ankehitriny, izay maha-very zo ny malagasy tsy hanefa ny adidiny. Tokony ho ny fifidianana ireo mantsy aloha no hatao vao miroso amin'ny fifidianana loholona. Tsy ny Kmf/Cnoe ihany no efa nanakiana io fanatanterahana fifidianana loholona io, fa efa maro ihany koa ireo antoko pôlitika samihafa no tsy mankasitraka azy io.

Ny toerana misy ny Filankevi-panjakana etsy Anosy.

Rajo

Ny Valosoa sy fakafaka

Fisandratana

Mibirioka tsy manaraka ny tokony ho izy i Madagasikara

Mivily làlana na mibirioka mihitsy tsy manaraka ny zotran'ny firenen-drehetra an-dalam-pisandratana ankehitriny i Madagasikara. Iaraha-mahita ny zava-misy amin'izao fotoana izao eo amin'ny fitanatanampirenena. Tsy avela hahazo aina sy hiroborobo ny orinasa maromaro nefa isika mbola ao anaty hamehana ara-pahasalamana sy krizy ara-toekarena. Tsy miahotra mihitsy ny fanjakana manakatona izay lazainy ho tsy manara-dalàna ao anatin'izao vanim-potoana izao. Seha-pihariana maro lafy anefa no voatohintohina tanteraka ao anatin'izany. Tokony ho fantatra anefa, fa ny orinasa tsy miankina no môtera mampihodina ny toekarena sy manandratra ny firenena. Ireo firenena aziatika an-dalam-pisandratana sy efa misandratra ankehitriny dia nahay nitsinjo ireo orinasa tao aminy mialoha ny fiantsoana mpandraharaha sy famatsiam-bola na mpampiasa vola avy any ivelany. Hain'izy ireo ny nanatanteraka ny tery omby ririnina, ka tsy mahafaty ny reniny ary tsy mahabotry ny zanany. Ny eto amintsika anefa ny reniny velomina, ary na ho faty aza ny zanany fa tsy botry fotsiny aza tsy maninona. Ny lalàna no ventesina anaovana litania eto. Tsy ampy hahafahana manandratra firenena anefa izany na hihodin-kavia na hihodin-kavanana ny mpitondra. Raha tena manana finiavana marina sy handeha amin'izany làlan'ny fisandratana izany, dia sorohina tanteraka aloha izay tsy hanakatonana orinasa, fa izay hanampiana azy amin'ny lafiny samihafa aza no tokony ezahina fatratra sy ifotorana atao.

Ary ny eto tsy ny orinasa mpamokatra ihany no voatohintohina, fa misy seha-pihariana hafa ihany koa. Anisany mitaraina, ohatra, ny haino aman-jery tsy miankina rehetra iharan'ny "réquisition" isan'andro tato anatin'izao hamehana ara-pahasalamana ambolana maro eto amin'ny firenena izao. Misy fiantraikany any amin'ny fidiram-bolan'izy ireo izany kanefa tsy misy izay setriny avy amin'ny fanjakana. Tsapa ho toy ny ilàna kisa mihitsy aza izy ireny raha ny fahitana ny raharaha. Na hisy fanampiana ara-bola be toy inona aza avy any ivelany ianteheran'ny fitondrana, dia tsy hahatafavoaka ny firenena mihitsy izany. Famatorana ny firenena ho tafahitsoka lalina bebe kokoa aza izany, satria mampibaby trosa be ny firenena hatrany, ary ho sakana rahateo amin'ny fampandrosoana.

Raha mbola misy eto tompona orinasa mitaraina noho ny vesatra na tsindry ataon'ny fitondrana ao anatin'izao vanim-potoana sarotra ara-toekarena izao, dia mbola sarotra ny hisaina fa manitsy ny dia hihazo ny làlan'ny fisandratana ny firenena. Tsy lavina, mila mandoa ny hetrany sy izay tokony hanaraka ny ara-dalàna amin'ny sehatra misy azy ireo orinasa. Mila misaina lalina am-pahendrena koa anefa ny fitondram-panjakana amin'ny fandraisana fepetra, fa tsy mampihàtra be fahatany ny lalàna fotsiny. Tsy hitondra mankaiza, tsy hitondra lavitra ny firenena velively izany, n'inona n'inona fahaizana. Raha ilay vahoaka koa no tsy resy lahatra, dia mbola tantara iray hafa koa izany.

Sôh'son